

NY VALOSOA

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

VAOVAO

Talen'ny kabinetran'ny fiadidiana
ny Repoblika

Ekeny izany ny krizy manara-
penitra misy eto

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 20 aogositra 2022

Laharana 1334

Vidiny : 500 Ar

Marary nogadrain'ny fitondrana Rajoelina **3**

Mila fitsaboana manokana ivelan'i Nosy-Be i Ninie Donia




Faha-20 taonan'ny antoko TIM **2**

Mitohy ny fampirantiana sary ao amin'ny Magro Mahajanga



Lanto Rakotomanga sy Raholdina **2**

Depiote mandika lalàna amin'ny fanalana sefo fokontany



Ambidin'Isotry, Anosibe sy ny manodidina **6**

Olona miisa 58 voasambotry ny polisy tao anatin'ny 1 alina monja



Sendikan'ny APMF **7**
Mitaky ny fanesorana
ny tale jeneraly

Voka-panadinana **6**
49,72 % ny taham-pahafahana
bacc tany Toliara

Daka kely
Mitohy hatrany zany ny vakansy
sy ny propagandinareo
ry Boaikely a !

FAHA- 20 TAONAN'NY ANTOKO TIM

Mitohy ny fampirantiana sary ao amin'ny Magro Mahajanga

Mitohy hatrany ny fampirantiana ny sary ao anatin'ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko Tiako i Madagasikara, ao amin'ny Magro any Mahajanga renivohitry ny faritra Boeny. Na nisy aza ny fanakanana ny rehetra tsy hiditra tao tamin'ny herinandro teo, niverina nisokatra izany fampirantiana sary izany, noho ny faha-20 taona nijoroan'ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana. Nisokatra ho an'ny vahoakan' i Mahajanga indray izany fampirantiana sary izany, nanomboka ny alakamisy 18 aogositra 2022 teo, ka hatramin'ny sabotsy 27 aogositra 2022. Amin'ny 8 ora maraina ka hatramin'ny 12 ora atoandro, sy amin'ny 3 ora hatramin'ny 5 ora sy sasany hariva, no fotoana azo itsidihana izany hetsika ataon'ny antoko TIM ao Mahajangabe izany.



Niaina

Ny fampirantiana sary ataon'ny antoko TIM any Mahajanga.

Lanto Rakotomanga sy Raholdina

Depiote mandika lalàna amin'ny fanalana sefo fokontany

Mandika lalàna amin'ny fanalana sefo fokontany eto an-drenivohitra amin'izao fotoana ny depiote avy amin'ny IRD, mpiaradia amin'ny fitondrana, Lanto Rakotomanga ao amin'ny Boriboritany faha-2, sy ny depiote Naivo Raholdina ao amin'ny Boriboritany faha-5. Tao amin'ny fokontany Manakambahiny, lasa ny solombavambahoaka indray, no mametraka sy manala ny sefo fokontany. Ny solombavambahoaka Lanto Rakotomanaga, no manome baiko amin'ny fanalana sy fanesorana sefo fokontany . nitondra Fanazavana mikasika ny nanesorana azy ny sefo fokontany teo aloha ary nilaza fa tsy nahalala na inona na inona mahakasika izao fanesorana azy



Ny depioten'ny Boriboritany faharoa, Lanto Rakotomanga, sy ny depioten'ny Boriboritany faha-5, Naivo Raholdina.

izao . Tonga teny an-toerana ny Tale kabinetran'ity Solombavambahoaka ity nametraka ny sefo fokontany vaovao. Ny depiote Naivo Raholdina ihany koa, no manala sy manendry sefo fokontany ao

amin'ny Boriboritany faha-5, efa nihàran'izany ny tao Analamahitsy. Fifidianana hoy ireo mponina no tokony hatao, fa tsy kitra-noantrano, satria mpihavana avokoa ireo olona tian'ny mpitondra hape-



traka eo amin'ny toerana. Raha mbola tsy misy ny fifidianana dia tokony ho ny solontenam-panjakana, no manendry ireo sefo fokontany fa tsy olom-boafidy: depiote.

Niaina

YALI Mandela Washington 2023

Misokatra ny fisoratana anarana amin'ny vatsim-piofanana

Misokatra amin'izao fotoana ny fisoratana anarana amin'ny vatsim-piofanana, na vatsim-piofanana momba ny fahaiza-mitarika ho an'ny tanora, na ny Yali Mandela Washington 2023 hatao any Etazonia. Ny Masoivoho Amerikana eto Madagasikara sy Kao-moro dia mampahafantatra, fa nisokatra tamin'ity herinandro ity ny fisoratana anarana ho an'ireo tanora mpitarika maniry ny hisitraka ny vatsim-piofanana YALI Mandela Washington ho an'ny taona 2023. Hatramin'ny taona 2014 dia tanora mpitarika 88 avy eto Madagasikara, sy tanora mpitarika 24 avy any Kao-moro, no nisitraka ity vatsim-piofanana ity. Afaka misoratra anarana amin'

ity vatsim-piofanana ireo tanora mpitarika 25 hatramin'ny 35 taona, izay efa nampiseho ny fahafahany mampiroborobo sy mampiry fiantraikany tsara eo amin'ny fiarahamonina misy azy ireo sy ny fireneny. "Nianatra zavatra maro tamin'ny alalan'ny Mandela Washington Fellowship aho. Hampiasaiko ny fahalalana, ny lesona noraisina ary ny fomba fanao tsara hanatsarana ny asako, hampandrosoako ny fikambanako, hanentanana sy hanampiana ny tanora eo amin'ny fiarahamonina misy ahy sy hanamafisana ny fahaiza-mitarika' ireo ao anatin'ny fikambanana misy ahy", raha ny fanazavan'i Kimmerling Razafindrina, izay nisitraka ny vatsim-piofanana

YALI Mandela Washington tamin'ity taona 2022 ity. Isan-taona, ireo mpisitraka ny vatsim-piofanana dia mandray anjara amina programa maharitra enina herinandro any amin'ny Oniversite amerikana, ka iray amin'ireto ny sehatra hanaovana izany: ny fahaiza-mitarika momba ny fandraharahana sy ny fitantanana orinasa, ny fitantanana fikambanana sy rafitra tsy miankina amin'ny fanjakana, ary ny fitantanana-draharahampanjakana. Mitohy amin'ny fihanonana an-tampony izay hatao any Washington D.C. any Etazonia avy eo io fiofanana momba ny fahaiza-mitarika io, hahafahan'ireo mpandray anjara mifandray sy mihonana amin'ireo amerikana mpitarika eo amin'ny se-

hatra miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana. Aorian'izay, misy ampahany voafantina amin'ireo mpandray anjara, no hanohy ny fanovazana traikefa any Etazonia, ka hiasa mandritra ny efitra herinandro amin'ny sehatra miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana. Rehefa tafaverina an-tanindrazana ireo izay hisitraka ny YALI Mandela Washington dia mbola hanohy hanatsara ny traikefany, amin'ny alalan'ny fanohanana ny Departemantan-panjakana Amerikana amin'ny alalan'ny Masoivoho Amerikana avy ireo mpiaramiobon'antoka hafa. Mbola hisitraka fampivelarana hafa koa ireo mpiofana toy ny fiahiana "mentoring", ny tambazotra sy ny

Ny Valosoa sy fakafaka

Talen'ny kabinetran'ny fiadidiana ny Repoblika Ekeny izany ny krizy manara-penitra misy eto

Nanao fanambarana tamin'ny mpanao gazety ny talen'ny kabinetran'ny fiadidiana ny Repoblika, Ramatoa Raharinirina Baomiatotse afak'omaly, aminy izany dia ekeny ny krizy manara-penitra misy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana. "FA NY KRIZY MANARA-PENITRA dia MBOLA O.K." Raha izany no loha-teny hita sy aroso eto androany, dia fantatra tamin'ny teniny ny hoe: " Tsy azo ekena ny famoronana krizy politika eto ", no nanakoako tamin'ny rehetra na dia tsy maniry izany aza ny vahoaka marobe, fa dia entina hamelezana ireo antoko tsy miray dia amin-dRajoelina fotsiny ihany, raha atao bango tokana ny teny izay nomeny. Ny krizy politika no maty ao an-tsain-dry zareo, fa ny krizy sôsialy, ny krizy ekônômika sy ny krizim-piainana samihafa toa iniana tsy fantatra, hodiaha tsy hita sy henoina, nefa ao no tena misy ny tsy rariny mampahantra ny ankamaroan'ny maro amin'izao fotoana, hoy ireo izay nanontaniana. Zary toa afempenina fotsiny ireo vidin'entana mihoa-pampana, ny toekarena, izay efa fambara loza mihitsy hoy ny rehetra, ka tokony ho jerena haingana mihitsy. Tsy vitsy tamin'ireo mpividy fitaovam-pianarana teny Anjoma sy Behoririka, no nilaza fa "Efa krizy manara-penitra hafa kely ity " matoa misondro-bidy avokoa ny fitaovana, ny kahie, ny penisily hazo, ny penina isan-karazany, ny solaitra sy ny sisa... nefa ny saram-pisoratana anarana, ny saram-pianarana ary ny fividianana akanjo mitovy dia mbola fanampiny avokoa. Hita araka izany fa krizy manara-penitra no misy amin'izao fotoana, tsy hitan'ny mpitondra mihitsy ny olana aratsakafo, ny olan'ny jiro sy rano, ny saram-pitaterana sy ny adidy samihafa, fa dia ilay krizy politika foana no lazaina etsy sy eroa, ho fiarovana ilay olon-tokana sy ny mpisolelaka aminy. Ry zareo no milomano anaty volabe, fa ny sisa dia mikororosy fahana eny ihany tsy misy farany ny fiainany. Misy voalohany, misy farany anefa ny zava-drehetra, ka tsy maintsy hipoaka ny sarom-bilany rehefa ho avy ny fotoana ho an'ny vahoaka tompon'ny fahefana, tsy misy mahatosika herim-bahoaka izany tokoa!

Beharo

fiofanana, ny asa ho an'ny fiarahamonina ary ny fanohanana ara-bola ireo tetikasa, fandraharahana ary fikambanana. Ny fisoratana anarana sy ny fanazavana fanampiny toy ny antsipiriana ny fomba fifantenana ireo mpandray anjara, miampy ny fepetra tikianana dia hita ao amin'ity rohy ity: mwfellows.info/apply. Amin'ny 13 Septambra izao no hifarana ny fisoratana anarana. Ny vatsim-

piofanana Mandela Washington dia fandaharanasan'ny Departemantan-panjakana Amerikana izay vatsiana ny Governemanta Amerikana vola ary tantanan'ny IREX. Tsy misy fanavakavahana fihaviana, volon-koditra, maha-lahy na maha-vavy, finoana, fari-piainana, kilema, na firiana ara-pnanahana ity programa ity.

Isambilo



Tanora, efa nahazo vatsim-piofanana, Yali Mandela Washington.

Ny Valosoa sy hadihady

Filohan'ny Repoblika

Hafa ihany ny Filoha Ravalomanana tamin'ireo 6 efa nitondra

Sarotra ho an'izao manana ny fahefana amin'izao fotoana izao ny manao jeritodika, ka misintona izay lalantsaina hitantanana ny Firenena avy amin'ny toe-draharaha niainana teto nandritra izay enimpolo taona mahery kely namerenan'ny mpanjanaka ny « fahaleovantena » izay. Tena mihevitra ny hanao ny tsy nataon'ny mpitondra nandritra ny enimpolo taona tokoa ny Mapar. Tsara hampatsia-hivina anefa fa samy nanana ny hevitra (idéologie) nitantanana ny Firenena ny filoha nifandimby tao anatin'ny Repoblika efatra. Ny Repoblika no efatra, fa ny filoha kosa dia nisy enina ary nisy roa niverina in-droa teo amin'ny fitantanana tao anatin'ny enimpolo roa amby taona : Ratsiraka Didier Ignace tamin'ny Repoblika II sy Repoblika III andiany faharoa ary Rajoelina Andry Nirina tamin'ny tetezamita sy amin'izao Repoblika IV andiany faharoa izao. Samy nanana ny vinany voarakitra ao anaty boky ireo Filoha: « Livre Bleu » ny an'i Tsiranana Philibert, ka « Politikan'ny Kibo » no nisongadina ary azo lazaina fa ambony dia ambony ny fahefa-mividy ny Malagasy ary niaina tao anatin'ny fahalemana ny mponina na an-tanàn-dehibe na tany ambanivohitra. Politika « néo-colonialiste » anefa no nisy ary nampiasa herim-pamoretana ny mpitondra rehefa nahatsapa fa nihozongozona ny fitondrany. Nanoratra ny « Boky Mena » i Ratsiraka Didier Ignace, izay nanoritany ny lalan-kizorana nankany amin'ny amin'ny «Revolisiona Sosialista». Nanantena ny fiainana tao amin'izany paradisa sosialista izany tokoa ny Malagasy kanefa diso fanantenana, satria tsy paradisa no niainany fa disadisa teo amin'ny sehatra rehetra. Tamin'ny fotoanan'ny revolisiona sosialista ihany koa no nisy ny fiampangana manamboninahitra ambony teto amin'ny firenena ho nanana fikasana namono ny Amiraly Ratsiraka Didier. Tao anatin'ny heriny sady nanana fitaovam-piadiana mahery vaika ny Resep, mpiambiana ny Filohan-pirenena. Ny tafika telo tonta: an-tanety, ana-habakabaka, an-dranomasina dia nanana fitaovana nanaraka ny toetrandro tokoa. Nanasongadina ny fiondran'ny Amiraly ihany koa ny nananganany ireo Oniversite tany amin'ny Renivohiparitany dimy. Anisan'ny nampihozongozona ny fitondran-dRatsiraka Didier ny nanaovany ny Procops ho toy ny fananan'ny antokony. Tsara ho fantatra ihany koa fa nivaky roa ny antoko Arema, nisy ny tao Ambohitsorohitra sy tao Isoraka, ka anisan'ny nampalemby ny antoko amin'ny ankapobeny ny toe-javatra toy izany. Aleo halan'andriana toy izay halam-bahoaka hoy ny fahendrena Malagasy, ka tsy nahatohitra ny onjam-bahoaka niraondraona ny Repoblika II ka nirodana ny Mandan'i Jeriko. Tsy mba nanana vina voarakitra an-tsoratra kosa ny Filohan'ny Repoblika III andiany voalohany, Zafy Albert, satria variana nitety an'i Madagasikara izy, angamba nijery ifotony ny olan'ny vahoaka vao nikasa nanoratra kanefa tara loatra izany, ka tratry ny "empêchement" ka voatery niala tsy fidiny. Nisongadina tamin'ny nitantanany ny Firenena kosa, na izany aza, dia nanjaka tokoa ny demokrasia satria nalalaka ny fanehoan-kevitra ary tsy nisy hirika nidiran'ny mpitondro ny filaminana an-

tsehatra mihitsy. Izay no antony nanomezana azy ny anarana ho "Rain'ny Delokrasia". Tafaverina teo amin'ny fitondrana indray ny Amiraly Ratsiraka Didier Ignace ka lasa "humaniste écologique" ny filamatra. Tsy nampiova na inona na inona laotra izany fiovampenitra sady tsy nisy vina vaorakitra an-tsoratra izany, ka tsy nitohy ny Repoblika III andiany faharoa. Niditra ny Repoblika III andiany fahatelo notarihan-dRavalomanana Marc. Nanana ny vinany voarakitra tao amin'ny « MAP » izay azo lazaina ho marim-pototra sy nitombona tsara sady niainga tamin'ny zava-nisy niainan'ny Malagasy, sady nanolotra vahaolana sy ny fomba enti-miady hampahomby ny tetika. Niroborobo ny toekarena satria tafakatra fito isanjato mahery ny tahan'ny harinkarena faobe. Efa ho iray alina kilometatra ny lalana vita tara. Tsy nanana olana ireo orinasam-pirenena manerana ny Nosy. Nanana tahiry vola vahiny nanakaiky ny roa arivo miliara ariary ny Banky Foibe talohan'ny nanonganana azy teo amin'ny fitondrana. Tsy nampiasa ny andian-tafika mpiaro ny fiadidiana ny Repoblika, GP, izy na nisy aza ny "fihetsiketseham-bahoaka" an-dalambe nentina nanongana azy. Nanana vina, "Fisandratana 2030", ny Filohan'ny Repoblika IV andiany voalohany, Rajoanarimampianina Hery. Nahavita fifana-rahana maro niaraka tamin'ireo mpiara-miombon'antoka avy any ivelany hananganana fotodrafitrasa maro izy. Vita ny sasany amin'izy ireny ary misy ny eo an-dalam-pa-nombohana. Niakatra ho dimy isanjato mahery ny tahan'ny harinkarena faobe nandritra ny dimy taona nitondrany ny Firenena. Maro ny olana natrehin'ny fitondrana Rajoanarimampianina Hery, nisongadina tamin'izany ny hetsika nataon'ny depiote 73, nampiasa herim-pamoretana ihany izy kanefa niverin-dalana haingana, ka nanova praiminisitra sy nametraka governemanta nisokatra tamin'ny antoko hafa. Tafakatra eo amin'ny fitantanana ny Repoblika IV andiany faharoa ny Rajoelina Andry Nirina niaraka tamin'ny IEM nosoratany nandritra ny efatra taona, hono. Tsy mbola nisy nisongadina aloha hatramin'izao izay voasoratra ao amin'ity vina ity satria niova an-dalana ny anarany ary rehefa mihaona amin'ny mponina maro any amin'ny tanàna iray izy dia "velirano" no mipatrapatrasa. Mitokana ny fotodrafitrasa natomboky ny fitondrana teo aloha no tena hainy. Fanitsakitsahana ireo lalana manankery rehetra misy eto amin'ny Firenena no maha tompondaka azy sy ny tandapany. Sakanana amin'ny fomba rehetra ny fanehoan-kevitra ary ampiasaina araka izay aza atao ny herim-pamoretana izay azo lazaina ho any sisa miaro azy hijanona eo amin'ny fitondrana. Niiba fito isanjato ny harinkarena faobe rehefa telo taona teo amin'ny familiana izy. Potika daholo ny orinasam-pirenena ary manjaka tokana izy ka tsy misy intsony ny fisaraham-pahefana. Ireo azo lazaina fa nahavita be teto amin'ny Firenena aza hitan'ny be atidoha ihany ny nanongana azy teo amin'ny fitondrana, ka aleo manetry tena ihany satria "izay manetry tena no hasandratra, fa izay manandra-tena no hahetry."

Andry Tsiavalona

MARARY NOGADRAIN'NY FITONDRANA RAJOELINA

Mila fitsaboana manokana ivelan'i Nosy-Be i Ninie Donia

Marary nogadrain'ny fitondrana Rajoelina, mila fitsaboana manokana ivelan'i Nosy-Be faritra Diana amin'izao fotoana, ny mpanakanto sady mpanao politika Ninie Donia. Niditra hopitaly ao Nosy-Be nanomboka ny zoma lasa teo i Ninie Donia. Manana areti-mitaiza goty izy, ary io no nihetsika ka namparefo ny fahasalamany, ary voatery nampidirina hopitaly. Natao filiana ara-pahasalamana, ary teo koa no fantatra fa manao "gros cœur" ihany koa izy, ka mila fitsaboana manokana, fa tsy vita ao Nosy Be. Tsihivina fa no-



Ny mpanakanto sady mpanao politika, Ninie Donia.

helohin'ny Fitsarana am-baratonga voalohany ao Nosy Be, ho nitarika fikambanan-jiolahy izy sy olona miisa dimy amin'ny folo hafa, ka voata-

zona enim-bolana an-tranomaizina ao an-toerana nanomboka ny volana jona 2022. Nampakatra ny raharaha any amin'ny Fitsarana ambony izy ireo, ka eo ampiandrasana ny didim-pitsarana, no izao marary niditra hopitaly izao. Nolazain'ny fitondrana Rajoelina, fa fikambanan-jiolahy ny fikambanan'ny firazanany, dia ny "Zafin'ny Fotsy". Toa tsy ampy ho an'ny fanjakana Rajoelina izany fanambaniana razan'olona izany, fa nogadrainy enim-bolana i Ninie Donia sy olona 15 hafa niaraka tamin'ny.

Efa ataon'ny fitondrana Rajoelina mitondra faisana mihitsy ny faritra avaratra iny ankehitriny, rehefa avy nofitahany ny tantsaha mpamokatra lavanila, ary navelany tsy handray karama 10 volana ny mpiasan'ny SECREN, dia izao indray ny fanenjehana ireo tia tanindrazana any Nosy Be no imasoany. Miantso antsika rehetra, mba hiray hina hanohana an'i Ninie Donia sy ireo mpiara-dia aminy ny antoko TIM Nosy-Be, sy ireo mponina tratra ny tsindry hazo lena any an-toerana.


Stefa

Collectif des Citoyens d'origine Malagasy Monde

Manamafy ny tokony hisian'ny fikaonandoham-pirenena

Nanao fanambarana mahakasika ny raharaham-pirenena eto an-tanindrazana indray, ireo teratany Malagasy any ivelany mivondrona ao amin'ny Collectif des Citoyens d'origine Malagasy Monde. "Araka ny efa notakiana sy nambaran'ny Collectif mikasika ny firosoana amin'ny fikaonandoham-pirenena teo anivony sehatra iraisam-pirenena, dia manamafy izany indray ny ambasadaoro Eôropeanina izay hamita ny asany tsy ho ela. Marihina fa ny fanamafisana ny tany tan-dalana manaja ny Zo fototra sy ireo ZO rehetra voarafitra ao anatin'ny demôkrasia, mba ho fampandrosoana maharitra tsy hisian'ny krizy no notakian'ny collectif des Citoyens d'origine Malagasy Monde hatrany, amin'ireo mpiara miombon'antoka amintsika. Tsy very an'efitra izany antso izany ary mbola mitohy hatrany. Ny tany tan-dalana dia mampitovy ZO ny olona rehetra na mpitondra na ny ho entina. Ny fisiana mizana tsindrin'ila sy tsy maty manota noho ny kajikajy izay efa nanimba ny firenena dia porofo fa mbola tsy mipetraka tsara ny demôkrasia lazaina ambava. Betsaka ny fanodinana ny harem-pirenena, volam-bahoaka, fanampiana... kanefa toa misy sokajin'olona azo enjehina ary misy tsy azo enjehina. Ny collectif des Citoyens d'origine Malagasy Monde dia miasa mangina, miasa miaraka amin'ireo sehatra rehetra, na ao an-toerana na aty ivelany, mba tsy hisian'ny tsy maty manota na amin'ny endriany inona na inona ary miaro ny demôkrasia sy ireo sotoavina, ao anatin'izay, tsy mifanipaka amin'ny sotoavina Malagasy sahala ny teny hierana," hoy ny fanambaran'izy ireo.

Nangonin'Isambilo



Manamafy ny tokony hisian'ny fikaonandoham-pirenena koa, ny Masoivon'ny Vondrona Eôropeana eto amintsika.

TONONTRAKALO

Tsy misy tohiny daholo ?

Be dia be ireo raharaha izay noheverina ho mafana. Fikasana ny hamono ..., fanonganam-panjakana... Kanjo hatreto tsisy tohiny , ary nampanginina aza, Fa toa nahatohintohina "olobe" tena malaza ?

Very koa ny volamena tsara hidy anaty vata, Saingy tsy hay hoe iza marina no nandroba sy nibata. Fa hatreto , tsisy tohiny ary tsisy ny voasazy? (Moa ny "ngeza" no atidoha ka indro vitavita ho azy ?)

Nolazaina koa fa nisy tetidrasy fanimbana, Nahatonga ny herinaratra ho tapatapaka mazàna. "Homena vola ny nahita ireo nanao ny hasomparana". Kanjo ny delestazy hatreto aloha dia tsy mifarana !

Ny resaka bonbon sucette sy ecran plat aloha Dia toy ny efa nototofana , tsy navela mba hifoha. Satria ve "ngeza" no voatonona sy atahorana ho voatana, Ka dia mody nampanginina ny raharaham-pitsarana ?

...Tsisy tohiny daholo ireo afera mafampana, Raha vao "olona vaventy" no atahorana ho voatana ? Tena misy raha izany ireo mpitondra fanjakana Hita ho miteronterona eny ambonin'ny lalana !

IRINA HO TAFITA (17-08-22)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

LW

Mitohy ny fampirantiana sary ao anatin'ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko TIM any Mahajanga.



An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Navalona

Atrikasa momba ny ady amin'ny zava-mahadomelina, natrehan'ireo mpianatra ho zandary any Ambositra faritra Amoron'i Mania.



SAHIA - MIJOROA - MINOA

Fankalazana
Ny faha
20 Taona
Mahajanga

Fantaro ny tantaran'ny Antoko
sy ny Filoha mpanorina.



Mitohy ny fampirantiana **SARY**
ao amin'ny **MAGRO Mahajanga**

AMBIDIN'ISOTRY, ANOSIBE SY NY MANODIDINA

Olona miisa 58 voasambotry ny polisy tao anatin'ny 1 alina monja

Nanao be midina tany anaty elakelantano afak'omaly alina ny polisim-pirenena, tao ireo nanao fanamiana, nisy ihany koa ireo nanao akanjo sivily. Vokany, olona miisa 58 no voasambotr'izy ireo nandritra ny indray alina monja io tao Anosibe sy ny manodidina, ao amin'ny Boriboritany faha-4. Tao ireo tratra nitondra antsy lava, tao ihany koa ireo nitondra entana avy nangalarina, niampy ireo tsy fanarahan-dalana maro samihafa. Ho an'ireo



Ireo olon-dratsy voasambotry ny polisim-pirenena.

kaomisaria eto an-drenivohitra dia maro tamin'izy ireo, no nanao fanamiana sivily nitsofoka elakelan-

trano, ka noraisim-potsiny avokoa ireo mpanao ratsy, toy ireo mpanadaka tratra tetsy Ambo-din'Isotry tamin'ny 05 ora maraina, tovolahy avy nangalatra kodiarana fiara, andian-jatovo mitondra zava-maranitra ary lehilahy maromaro tratra nifoka rongony. Misy hatrany ny fidinana ifotony ataon'ny Polisim-pirenena toy izao, indrindra amin'ireny faritra mafana ireny ho fiarovana ny vahoaka sy ny fananany.

Stefa

Mpianatra ho zandary, Ambositra

Nanaovana fanentanana momba ny ady amin'ny zava-mahadomelina

Nanaovana fanentanana momba ny ady amin'ny zava-mahadomelina ireo mpianatra ho zandary any Ambositra, faritra Amoron'i Mania. Nanatontosa atrik'asa manokana mahakasika ny fisorohana sy ady amin'ny loza ateraky ny zava-mahadomelina, tao amin'ny Sekolin'ny Zandarimariam-pirenena Ambositra ny dokotera Miriantsoa Andriamiarina-



Ireo mpianatra ho zandary niofana.

rivo, Filohan'ny ivon-toerana fitsaboana Aro Aina eny Ambohidratrimo Antananarivo, tamin'ity herinandro ity. Ny votoatin'ny atrik'asa dia ny fifampizaràna ny momba ny zava-mahadomelina sy ny voka-dratsiny, ny fisian'ny ivon-toerana Aro Aina sy ny andraikiny. Ny tanjona dia ny fisorohana ny hambana mety hitranga, na ny hisian'ny fidrohana sy fianki-

nan-doha amin'ity zava-doza ity ao anatin'ny Zandarimaria. Nisitrika izany fanentanana izany ireo Zandary mpanofana sy mpanabe ao amin'ny Sekoly, izay notarihin'ny Jeneraly Harilaza Ranai-vonampoizina, Komandin'ny Sekolin'ny Zandarimariam-pirenena ao Ambositra.

Niaina

Peace Corps Amerikana

Miverina miasa eto Madagasikara ireo mpilatsaka an-tsitrapo

Miverina miasa eto Madagasikara indray ireo mpilatsaka an-tsitrapo amin'ny Peace Corps Amerikana. Noraisin'ny Peace Corps tamin'ny fomba ofisialy ireo mpilatsaka an-tsitrapo roa, izay tonga eto Madagasikara ary nanao ny fianianany mia-lohina ny handraisany ny asany tamin'ny talata, teo anatrehan'ny Ambasadaoro Claire A. Pierangelo, sy ny Talen'ny Peace Corps eto Madagasikara Brett Coleman. Ireo mpilatsaka an-tsitrapo ireo dia isan'ireo tsy maintsy nandao an'i Madagasikara tamin'ny taona 2020 vokatry ny valan'aretina Covid-19. Tonga teto Antananarivo izy ireo tamin'ny fiandohan'ity volana ity ary namerina nanamafy ny fahaizany teny malagasy indray, tao anatin'ny tapa-bolana ahafahany mandray ny asa maha-mpampianatra teny anglisy azy ireo any amin'ny sekoly ambaratonga faharoa. Niarahaba ireo mpilatsaka an-tsitrapo ireo ny Ambasadaoro Pierangelo, sady nisaotra ireo mpiasa ao amin'ny Peace Corps. Nasongadiny ny mahazava-dehibe ny fianianana izay ataon'ireo mpi-



Ireo mpilatsaka an-tsitrapo Amerikana, miverina miasa eto amintsika (afovoany).

latsaka an-tsitrapo tsirairay ary nampahatsiahi-viny, fa mitovy amin'ny fianianana ataon'ny Filoha Amerikana, sy ireo tompon'andraiki-panjakana ambony amerikana izany. Andriamatoa Coleman, izay talen'ny Peace Corps Madagasikara nanaoboka ny taona 2019, dia nametraka ny lanjan'ny asan'ireo mpiasa Malagasy ao amin'ny Peace Corps. Izy ireo no nikolokolo ny fifandraisan'ny Peace Corps, sy ireo fiarahamonina miaramiasa aminy tamin'ny alalan'ny fanofanana momba ny fambolena sy fampianarana nandritra ny fotoana tsy naha-teo ireo

mpilatsaka an-tsitrapo. Naboana ny toeram-pitsaboana CSB tao Mantsoa ihany koa ireo mpiasan'ny Peace Corps, tamin'ny fanentanana momba ny fanaovana vaksiny miaro amin'ny Covid-19, ka nahatonga ny tahan'ny fanaovam-baksiny tany an-toerana ho tafakatra mihoatra ny 60%. Notsipihany fa "ireo mpilatsaka an-tsitrapo no fototry ny asanay noho ny fahaizamanao izay entin'izy ireo ho an'ireo fiarahamonina izay mandray azy, fa indrindra koa noho ny fihavanana kolokoloin'izy ireo, izay mahasoa ny fitenentsika roa tonta. Faly

izahay noho izany mahita fa niverina indray izy ireo roa taona sy tapany taty aoriana." Mbola hisy mpilatsaka an-tsitrapo 30 fanampiny ho avy eto Madagasikara amin'ity volana ity, hampianatra teny anglisy sy hiasa amin'ny sehatry ny fambolena. Hiampy 45 ireo mpilatsaka an-tsitrapo ireo amin'ny volana Febroary 2023. Raha ny fikasan'ny Peace Corps dia ho tafaverina amin'ny endriny talohan'ny valan'aretina Covid-19 ny asan'izy ireo eto Madagasikara ato anatin'ny roa taona, ka hahatratra 150 indray ireo mpilatsaka an-tsitrapo am-perinasa. Tamin'ny taona 1961, no noforonon'ny Filoha Amerikana John F. Kennedy ny Peace Corps. Hatramin'ny fotoana nijoroany, ny Peace Corps dia nifantoka hatrany tamin'ny fampiboroboana ny fandiampahalemana maneran-tany, sy ny fihavanana ary tsy nivoana tamin'izany. Nanomboka ny taona 1961 dia nihoatra ny 241000 ireo mpilatsaka an-tsitrapo niasa tamin'ny firenena 141, ka ny 1574 tamin'ireo dia niasa teto Madagasikara.

Aly

Voka-panadinana

49,72 % ny taham-pahafahana bacc tany Toliara

Nivoaka ihany koa izao ny voka-panadinana bakalôrea (bacc) tany Toliara. 49,72 % ny taham-pahafahana fanadinana tany an-toerana. Tamin'ireo kandida miisa 21848 nanala io fanadinam-panjakana io, 10 863 no afaka, manome io tahany isan-jato 49,72 % io. Teo amin'ny bacc ankapobeny : 48,78 % no taham-pahafahana. Tao amin'ny sokajy A : 61,83 %; A2 : 47,93 %; C : 58,67 %; D : 46,66 %; L : 55,74 %; S : 54,37 %; OSE : 61,13 %. Ho an'ny sokajy teknika sy teknôlôjika: 85,54 % ny taham-pahafahana back teknika tany Toliara.

Aly



Voka-panadinana bacc.

Baolina kitra

Fantatra ireo mpilalao 23 handrafitra ny Barea Chan

Fantatra tamin'ny famoahan'ny mpanazatra Rôrd, ny lisitr'ireo mpilalaoan'ny Barea Chan miisa 23, hiatrika ny lalao mandroso hifanandrian'ny Madagasikara amin'ny ekipam-pirenena U23 Botswanaise, izay ho tontosaina amin'ny 27 aogositra 2022 ao amin'ny kianja « Obed Itani Chilume Stadium » any Francistown Botswana ary koa ny lalao miverina, ho tontosaina amin'ny zoma 2 septambra 2022 izao hanomboka amin'ny 4 ora tolakandro etsy amin'ny Kianjan'i Mahamasina.

Mpiandry harato : Rakotohasimbola Zakanirina (Elgeco Plus), Andriamalala Andoniaina (Disciples Fc), Vodilaharana : Safidinomenjanahary Naurah E. (Cffa), Razafindraibe Rajo (Jet Kintana), Randrianiaina Tanteley Antoine (Disciples Fc), Rakotonirina Jean Martin (Elgeco Plus), Randriamanampisoa Elysée Tony (Elgeco Plus).

Irakiraka : Rakotondrazaka Ando (Disciples Fc), Raborijaona Tanteley Avotriaina (Cffa), Andriamromampiana T. Steeve (As Fanalamanga), Rafanomezantsoa Lalaina (Cffa), Andriamanjato Rojolahaina (Ajesaia), Andriamirado Arohasina Dax (Fosa Juniors), Andriatsiferana Toky Olivier (Fosa Juniors), Rajaoanavelo Ryan Hery (Disciples Fc), Ravelomanantsoa Marcio Carlos (Cffa), Rakotoarisoa Solonjatovo J.A (Elgeco Plus). Lohararana : Kasimo Lucien (Elgeco Plus), Razafindrakoto Jean Yvon (Fosa Juniors), Fanomezantsoa Tsilavina (Fosa Juniors), Abedi Simael Albert (As Fanalamanga), Randrianarijaona T.M. Mataniah (Disciples Fc), Razafindranaivo S.Koloina (Cffa). Marihana fa tamin'ny alakamisy faha 18 aogositra 2022 teo dia niatrika lalao ara-pirahalaina, tetsy amin'ny kianja « Elgeco Plus Stadium By Pass », tamin'ny ekipan'ny Elgeco Plus tompon'ny amboaran'ny Madagasikara ity Barea Chan ity, ka lavon'ity farany tamin'ny isa 4 – 1. Fotoana nahafan'ny mpanazatra Rôrd namantatra ny "Forme physique" sy ny "rythme" an'ireo mpilalao vaovao maromaro nantsoiny ary ihany koa, ahafahany mamaritra ny paikady rehetra hanatratrara ny tanjona : dia ny hibatanana ny fandresena amin'ireo lalao hifanandrianana amin'i Botswana ity fihonana ity.

Rainilita



Barea Chan tetsy amin'ny By Pass.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 13/08/2022 hatramin'ny 20/08/2022

- 67HA (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- VOLAHANTA (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86
- IARIVO (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- AMBANIDIA (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09

- HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79
HOMI Soavinandriana : 22 397 51
Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21
Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 / 22 485 17
Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54
Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547
Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66
Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

- 1° Arrondissement Tsaralalana : 22 280 54
2° Ambanidia : 22 309 46
3° Antaninandro : 22 291 30
4° Isotry : 22 280 51
5° Mahamasina :22 280 48
6° Ambohimanarina : 22 225 52
7° 67 Ha : 22 291 29
8° Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84
GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro Vidiny: 300 Ar Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo
TALEN'NY FAMOAHANA : Rahelisoa A. 034 79 07600
MPANAO GAZETY
Politika: Isambilo: 033 24 783 65 Rajo: 033 80 022 53 Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena : Aly : 033 18 382 88
Kolontsaina: Aris: 034 17 460 53 Beharo : 032 02 557 89
Fanatanjahantena: Lita: 033 41 557 69

Mailaka: gvalosoa@yahoo.com NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7
Fametrana 1334-08-2022 Isan'ny natonta: 10 000
Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

SENDIKAN'NY APMF Mitaky ny fanesorana ny tale jeneraly

Manamafy ny fitakiany ny mpiasan'ny APMF (Agence Portuaire Maritime et Fluvial), anisan'izany ny tokony hanesorana ny tale jeneralin'ity sampan-draharaha misahana ny fifamoivoizana sy ny fitantanana ireo seranan-tsambo na an-dranomamy, na an-dranomasina ity. Nambaran'ireo mpiasa, fa hiakatra amin'ny dingana ambony kokoa ny sendikan'ny mpiasan'ny APMF afaka 3 herinandro, raha tsy mijery ny olana sy manala ny tale jeneraly amperin'asa ny fanjakana, araka ny fehin-kevitra nivoaka nandritra ny fivoriana ny solontenan'ny sendika avy any amin'ny faritra omaly. Hanoratra taratasy mikasika ny raharaha AIS sy ny vola 25 tapitrisa dolara any amin'ny masoivoho Britanika ihany koa ny sendika, hahafantarana ny tena zava-misy marina. Nanome tolo-kevitra, ho fanit-siana ny fomba fitantanana, izay efa tsy mifanaraka amin'ny zavatra iainana amin'izao ihany koa ny sendika. Hanangana "corps" manokana ihany koa ireo mpiasan'ny APMF, mba hahafahana miady ho amin'ny fitantanana ity sampan-draharaha ity.

Niaina



Seranan-tsambon'Ankify Ambanja, anisan'ny tantanan'ny APMF.

ALLUMA Madagasikara Manampy ireo sahirana hampiditra ny zanany an-tsekoly

Manampy ny fianakaviana sahirana, eo amin'ny fampianarana ny zaza hiditra an-tsekoly, ny fikambanana ALLUMA Madagasikara (Association Lumière de la Lune Madagasikara) amin'izao vanim-potoana fampidirana mpianatra izao. Nilaza Andriamatoa Maharitra Ali Petera filohan'ny Fikambanana Alluma, no sady filohan'ny Fokontany Anosibe Angararangana, fa mpianatra misa 30 efa afaka Cepe fa tsy afaka kilasy faha-6, ka ahiana tsy hanohy fianarana intsony ireto hampidirina hanohy ny fianarany etsy amin'ny Ceg Anosibe ireto ary mbola hampiditra mpianatra avy amin'ny fianakaviana sahirana hafa ao amin'ny kilasy faha 7 sy kilasy faha 9 ny fikambanana Alluma, ho fitsinjovana ny ho avin'ny ankizy.Nanohy fanazavana Andriamatoa Maharitra Ali Petera, fa fiaraha-miasa eo amin'ny tompo-andraikitra ny Fokontany sy ny Cisco Antananarivo Renivohitra ity tetik'asa ity, ka hamari-



nin'ny filohan'ny Fokontany aloha ny zaza ary ampidirina eny amin'ny Ceg Anosibe. Ankoatra izany dia nanampy ny fampitaovana ny ankizy mpianatra eny amin'ny Fokontany Ampefiloha Ambodirano ny Alluma Madagasikara, ka ny ant-sasaky ny teti-bidin'ny saram-pianarana (Fram) no iantohan'ny fikambanana, ho fanampiana ny Rayaman-dreny sahirana amin'ny fampidirana ny zaza an-tsekoly. Ankoatra izany, nanampy ny filohan'ny Alluma Madagasikara, fa hanolotra seza dabilio miisa 4 ho an'ny Ceg Anosibe ity fikambanana ity, ho fanohanana ny asa fampitaovana ny

sekoly amin'ity taom-pianarana vaovao ity. Nanamafy ity mpitarika fikambanana ity, fa alohan'ny hanampiana ny ankizy dia nohadiahadian'ny mpikambana akaiky ny fari-piainana isan-tokantran'ireo Rayaman-dreny maniry te hampianatra ny zanany, ao anatin'izany ireo mpianatra kamboty Ray sy Remy, ireo zaza mirenireniny, ireo zaza miditra amin'ny sehatry ny asa mialoha ary nilaza ity tompo-andraikitra ity, fa arahina fanohanana sy fampitaovana ary fanaraha-maso ireo zaza averina an-tsekoly ireo, mba ho azo antoka ny famitana ny fianarany. Nilaza Andriamatoa Maharitra Petera Ali, fa zaza miisa 12 no efa nampidirin'ny fikambanana nianatra tao amin'ny Ceg Anosibe nandritra ny taom-pianarana 2020-2021 lasa teo ary mbola manome tosika an'ireo mpianatra izay manana talenta mba hisongadina eo amin'ny fivelomany izy ireo.

Franck Razakambelo

BEHARO Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 402

Grid for word search puzzle with clues: Mitoe-jaza, Menaka, Azo @ tao-lana, Kianteny (miv), Ataovy indray (miv), Nitambatra, Maharitra, Midera sy mankasitraka (miv), Loko, Ohatra, Lio, Mahantra, Ariary, Faritra (miv), Hinana, Mamba, Ila, iry (miv), Mandray (miv), Neny (miv), Santa.

BL = Bory Loha BR = Bory Rambo MIV = Mivadika MIK = Mikorontana Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0401)

- Mitsivalana - Pataloha - Akalana - Rano - Ilo - Antsa - At - Sata - Inri - Ory - Rava - Ma (miv)
Mitsangana - Sola (miv) - La - As - Ony - Ao - Halatra - Miato (miv) - Paraky - Naka (miv) - RN (miv) - Tantara

TENY MIFANAPAKA N° 402

10x11 grid for crossword puzzle with black squares indicating non-letter positions.

Mitsivalana 1. Mitovy amin'ny masina - Notanterahina vao haingana 2. Foto-tenin'ny fanadinana (miv) - Bengy 3. Sahala - Lavitra (miv) 4. Amboarina tsara - Kianteny (miv) 5. Efa miomana tsara - Tao 6. Taova - Ao amin'ny Boky 7. Mampitovy ny akoho sy ny akanga - Rainy 8. Nanohana (miv) - Hery sy tanjany (miv) 9. Toerana - Ao amin'ny fery 10. Fanomezana ara-bola

Mitsangana A. Bota - Maneno, manako B. Manahirana (miv) - Toerana D. Foko E. Salama (miv) - Ambany F. Mandalina maharitra (miv) G. Vizana - Hita ao amin'ny zipo H. Tsy lavitra - Fanafody I. Maneho fanoharana - Vorona J. Rango-pohy (miv) - Mpanoritra K. Hamerezana

Valiny Teny mifanaraka 0401

- Mitsivalana 1. Ampelatovo 2. Koa - Enina 3. Ody - Ota - Zo 4. Nino - Mav(o) 5. Dago - Kaina 6. Kanety 7. Atao (miv) - Raràn(a) 8. Orana - Ana 9. Akaton - Ry (miv) 10. Sa - Trano (miv)
Mitsangana A Akondro - As B. Modia - Aoka D. Paingotra E. OO - Aato F. Leo - Non(o) G. Antakarana H. Tia - Ana - Ar I. No (miv) - Miera J. Vazantany K. Ovainare(o)

NY TENY FIAINANA

*Jehovah nahary ahy ho fiandohan'ny alehany, ho voalohany amin'ny asany hatramin'ny taloha.
Ohabolana 8: 22*

BAOLINA KITRA

Vita ny antsapaka « Qualification CAN U23 »

Vita tamin'ny 18 aogositra 2022 lasa teo ny antsapaka amin'ny fifanintanana « Qualification U23 », hahazoana matrika ny CAN U23 ho tontosaina any Maroc. Fantatra tamin'izany, va hiatrika ny dingana voalohany hifanandrina amin'i Seychelles amin'ny 19-27 septambra 2022 ny Barea U23 ka aty Madagasikara ny lalao mandroso amin'izany. Raha tafita amin'izany dingana voalohany izany kosa ny Barea dia hiatrika ny ekipam-pirenena U23 Gabonaise eo amin'ny dingana faha-2, izay ho tontosaina amin'ny 21-30 oktobra 2022. Raha mbo-la tafita amin'izany dingana izany dia hifanandrina amin'i Angola/ Namibi vs Cameroun, eo amin'ny dingana faha-3, izay ho tontosaina amin'ny 20-28 martsa 2023.



Barea U23, 2022.

amin'ny dingana faha-3, izay ho tontosaina amin'ny 20-28 martsa 2023.

Rainilita

**Complexe Sportif et de Loisirs Cnaps Vontovorona
Hanatontosana ny « Cours MA Arbitres Elites »**



« Cours MA Arbitres Elites ».

Hanatontosana ny « Cours MA Arbitres Elites », ho an'ireo "arbitres elites" eo amin'ny sehatry ny baolina kitra ny toerana « Complexe Sportif et de Loisirs Cnaps Vontovorona », izay nanenjehana ny filohan'ny FMF, Arizaka Raoul Rabekoto sy ny Jeneraly Ravelonarivo Jean, ny fanatontosana azy, ka amin'ny 22 hatramin'ny 26 aogositra 2022 ho avy izao no hotanterahina an'izany. « Instructeur Fifa » no hitrika ny fampiofanana, ka mpitsara afovoany sy mpitsara mpanampy mahatratra 35 isa ireo mpandray anjara amin'izany. Ho dinihina ao anatin'izany fampiofanana izany, ny momba ny « lois de jeu », ny fomba fitantanana lalao araky ny fiovana farany amin'ny fampiharana ny lalàna 2022-2023 navoakan'ny FIFA.

Rainilita

**« Karaté Style Wado-ryu »
Nahavita ny « Coupe de Madagascar 2022 »**

Nahavita ny fifaninanana « Coupe de Madagascar 2022 » tany Mahajanga,

tamin'ny 2 ka hatramin'ny 7 aogositra 2022 lasa teo ny karaté « Style Wado-ryu ».

Nisy dingana telo no tantanterahina tamin'izany :



«Karaté Style Wado-ryu» tany Mahajanga.

- 1- « Stage Technique/Arbitrage / Instructeur », mpikatroka sokajy « Poussin » ka hatramin'ny « Vétéran » niisa 250 avy amin'ny Faritra Analamanga/Vakinankaratra/An ôsy/Atsinanana/Analanjirifo/ Boeny, ireo nandray anjara tamin'izany.
- 2- « Passage de grade » nanomboka tamin'ny « CN 1er DAN », ka hatramin'ny « 5 ème DAN ».
- 3- « Compétition Poussin – Vétéran » nahazoana ny vokatry :
 1 er : Akka Avaradrano (12 Médailles d'Or),
 2 ème : BDKM Boeny (8 Médailles d'Or),
 3 ème mitovy : Akka Mahitsy sy WAKAMA (7 Médailles d'Or) avy.

Rainilita

Sakafo My Valosoa



Tsinainken'omby saosy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Rehefa masaka ny tsinainkena dia hasiana saosy tongolo sy tômaty, na tongolo sy voatabia, hasiana sakamalao koa. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahaso

Ny soa azo avy amin'ny anamalao na anamafana

Ny soa azo avy amin'ny anamalao na anamafana indray, no Mahaso eto amin'ny gazetinao androany. Anti- oxydant , na miaro amin'ny fahanteran'ny sela, anti- inflammatoire na mampifanana ny fanaintanana. Fanafody nify , mampijanona fanaintanana raha marary nify. Manala ireny fery anaty vava ireny. Azo ampiasaina amin'ny hoditra analana fery, vay, mangidihidy amin'ny vatana. Tsara ho an'ny olona tsy mipipy na miangona amin'ny vatany ny rano. Tsara ho an'ny olona maina lava ny vava. Tsara ho an'ny marary vavony. Tsy zaron'ire6 to olona ireto hanina kosa anefa izy, olona misy cancer prostate, mararin'ny prostate, olona mamo, vehivavy mitondra vohoka. Tsara atao ro mazava, atao amin'ny loka : trondro, he6 na, legioma, lasopy...



NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Maintsokely any amin'ny distrikan'Andilamena faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Maintsokely any amin'ny distrikan'Andilamena faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Maintsokely ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrikan'Andilamena. Azo lazaina ho avo toerana izy satria 459 m ny haavony mihatra. Any amin'ny farany avaratry ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy, manakaiky ny faritra Sofia sy ny faritra Analankirofo. Vokatry any Maintsokely ny vary, sy ny hanankotrana isan-karazany toy ny mangahazy, ny katsaka. Mpiompy omby koa ny mponina any antoerana.

